

Nosoratan'i Alelie Coronel-Camitan
(Niainga avy tamina tantara marina)

Tany Philippines no nitrangan'ity tantara ity.
Teny am-piakarana nanka-
ny an-tranony dia naheno
olona niresaka tao an-tranony
i Marius. Nitsikilo teo am-
baravarankely izy.

Mba iza ary no ao, hoy izy
nieritreritra. Nipetraka tany ami-
na firenena hafa ny reniny noho
ny asa, ka raha ny mahazatra dia
izy sy i Lola (Bebe) ihany no ao
an-trano.

Nosokafany ny varavarana. Tao
daholo ny namany rehetra!

"Indreto izahay e!" hoy izy ireo.

"Te hankalaza anao sy ny meda-
ly azonao tamin'ny fifaninana
Taekwondo izahay," hoy i Jose, ilay
naman'i Marius akaiky indrindra.

"Tena mirehareha ny aminao
aho." Nofihin'in'i Lola mafy dia
maf y i Marius. "Ity amin'ny telefa-
nina ity ny reninao! Azoko antoka
fa te handre ny zava-drehetra
mikasika ny medalinao izy."

Rehefa vita ny firesahan'i
Marius tamin'i Neny dia nankafy
ny fety izy sy ny namany. Nahafi-
naritra azy ireo ny niresaka sy nihi-
nana ny sakaf Matsiron'i Lola.



"Te-handeha hiaraka amiko
hanao bowling ve rahampitso e?"
Hoy i Jose nanontany nialoha ny
handehanany.

"Ie!" Hoy i Marius.

Tamin'io alina io talohan'ny
hatory, dia nanao vavaka i Marius.
"Ry Ray any An-danitra, misaotra
Anao aho noho ny fanomeza-
nao ahy namana sy fianakaviana
mahafinaritra toy izao. Mba tahio
ny reniko noho izy any lavitra any.
Ary mba tahio aho hahazo fahafin-
retana rehefa manao bowling
miaraka amin'i Jose."

Ny ampitson'io anefa dia tsy
nandeha nanao bowling i Marius.

Nisy oram-baratra goavana
tonga, ka tsy maintsy nijanona
tany an-trano ny olona rehetra.
Nipetraka tao an-trano i
Marius, nihaino ny orana nido-
bodoboka tao an-tafontrano.
Naniry ny hahita an'i Jose izy.

Avy nanditra ny telo andro ny
orana. Tondraky ny rano ny arabe.
Tondraky ny rano koa ireo tra-
no sasany nanodidina an'i Marius.

Nahita an'i Lola tao an-dakozia
i Marius taty aoriana. Nahandro
zavatra tena manitra izy.

"Inona no sakaf andrahoinao?"
hoy izy nanontany.

"Mahandro sakaf ho an'ireo
fianakaviana sasantsasany ao
amin'ny paroasintsika aho," hoy
izy. "Tondraka ny tranon'izy ireo,
ka nangatahan'ny eveka aho mba
hanampy."

Nieritreritra an'i Jose i Marius.
"Afaka mahandro sakaf ho an'ny
fianakaviani Jose ve isika? Mety
mila fanampiana ihany koa izy
ireo."

"Hevitra tsara izany," hoy i Lola.

Nahandro vary sy atody
nendasina ho an'i Jose sy ny

fianakaviani Marius. Avy eo dia
nampiany i Lola handamina ny
sakafo.

Nijanona ny orana nony fara-
ny. Nirobo-drano teny an-dalana
i Marius sy i Lola mba hanatitra
sakafo. Hatreny amin'ny lohalik'i
Marius ny rano!

Hitan'izy ireo i Jose sy ny fiana-
kaviani njoro teo ivelan'ny tran-
ony. Nitomany i Jose.

Nofihin'i Marius ilay namany.
"Malahelo aho noho ilay tranona-
reo tondraka," hoy izy. "Tia anao i
Jesoa. Ary tianay koa ianao."

Niara-nanampy tamin'ny fana-
diovana ireo zavatra feno fotaka
tao an-tranon'i Jose i Marius sy
i Jose. Nihira ny "Zanaky ny Ray
aho" i Marius teo am-panaovan'izy
ireo asa. Rehefa niala sasatra kely
izy ireo dia nomen'i Marius an'i
Jose ilay sakaf nandrahoiny ho
azy.

"Misaotra noho ny fanampia-
nao ny fianakaviako," hoy i Jose.
"Ary misaotra noho ny sakaf!
Tena matsiro ilay izy."

"Tsy misy fisiorana," hoy i
Marius.

"Afaka milaza bebe kokoa ami-
ko momba an'i Jesoa ve ianao? sy
ilay hira nohirainao?" hoy i Jose
nanontany.

"Mazava ho azy!" Hoy i Marius.
"Tianao ve ny hiaraka amiko ho
any am-piangonana amin'ny ala-
hady? Any no ianarako momba
an'i Jesoa. Ary afaka miara-mihira
koa isika."

"Mety amiko izany," hoy i Jose.
Nahatsapa hafanana tao anaty i
Marius. Faly izy fa afaka nanampy
an'i Jose sy ny fianakaviani. Ary
faly izy fa afaka nizara ny filazan-
tsara koa. ●



TONDRAKY NY FITAVANA